REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA**
*Alarobia 31 Janoary 2024, Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia faha-31 Janoary 2024 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ary natrehin'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

# I. FAMPITANA AM-BAVA

## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

Araka ny toromarika efa nomena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, dia nanolotra teo anivon'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny sori-dalana hitantanany ny minisitera izay sahaniny ireo Minisitra voatondro.
Navoitra manokana ireo asa maika tsy maintsy ho tanterahina ao anatin'ny 100 andro voalohan'izao fe-potoam-piasana izao.

### 1. Minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany

Nanamarika ny fandraisam-pitenenan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika nandritra izay herinandro vitsy lasa izay ny fanamafisana ny ezaka tsy maintsy ho tanterahina eo amin'ny lafiny fananan-tany eto Madagasikara izay tena mampikaikaika ny vahoaka.
Noho izany dia tsy maintsy hirosoana ny fanatsarana ny fomba fiasan'ny minisitera eo amin'ny sampandraharanan'ny fananan-tany mba hanafoanana ny fanodikondinana ny tanim-panjakana sy ny tambazotra mpanao hosoka eo amin'io sehatra io. Ny tanjona dia ny hisian'ny mangaharahara tanteraka eo amin'ny tanim-panjakana rehetra.
Ao anatin'ny 90 andro dia hiroso amin'ny fanentanana amin'ny fanavaozana ireo fangatahana tanim-panjakana, amin'ny alalan'ny fanovana ireo didy aman-dalàna izay mifehy izany. Noho izany dia hiato mandritra io fe-potoana io ny fangatahana tanim-panjakana rehetra. Hiroso ihany koa amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ireo minisitera isan-tsokajiny izay manana tetikasam-panjakana eny amin'ny tanim-panjakana ao anatin'ny fanatanterahana ny asan'izy ireo tsirairay avy mba tsy hisy fifanipahana, ka hanao ny fanamarinana avy hatrany ireo taratasy rehetra mifandraika amin'izany. Harafitra manerana ny Nosy ny *Plan Local d'Occupation Foncière* mba hampirindra ny fitsinjarana ny tanim-panjakana ary tsy maintsy hampadalovina eo anivon'ny Filan-kevitry ny Ministra izany. Hampiasaina ny teknolojia sy ny haitao ara-kajy mirindra ahafahana manara-maso ara-dalàna izany fitsinjarana izany. Hitohy ihany koa ny

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAJAONAH Mirana**, ho Tale misahana ny fifandraisana amin'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ireo olom-boafidy
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAHARIMANANA Anne-Muriel**, ho « Directrice en charge des Relations cultuelles et communautaires ».
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAVELONJATO Eliah,** ho Tale misahana ny hetsiky ny Repoblika

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-207 tamin'ny 27 febroary 2019, ary manendry **Colonel RANDRIANIRINA Mamisoa Olivier**, ho "Directeur des Ressources Humaines du Ministère des Forces Armées".
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-208 tamin'ny 27 febroary 2019 ary manendry ny **Général de Brigade RAZAFIMAHATRATRA Hery**, ho "Directeur Administratif et Financier du Ministère des Forces Armées".

**MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-442 tamin'ny 30 martsa 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARISOA Thimoléon**, ho Sekretera Jeneraly.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-631 tamin'ny 4 may 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RAVELOSON Olinirina Suzy Sarah**, ho "Directeur de la Programmation et du Suivi-Evaluation"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1122 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an-d**Ramatoa RABARY Niry Sariaka**, ho "Directeur des Services Fonciers Décentralisés"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1121 tamin'ny 20 oktobra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANARISON Fanomezantsoa**, ho "Directeur de la Coordination, de la Planification et de la Valorisation du Territoire Maritime"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha2022-818 tamin'ny 1 jona 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RAKOTOBE Lydson Mamin'Ny Aina**, ho "Directeur des Domaines et de la Propriété Foncière"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-141 tamin'ny 27 janoary 2023 ary manendry an-d**Ramatoa RANOROMALALA Lantoharitiana**, ho "Directeur d'Appui aux Collectivités Territoriales Décentralisés"

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-252 tamin'ny 07 martsa 2019 ary manendry ny **Contrôleur RAKOTONDRAVELO Herilanto Iangotiana**, ho Sekretera Jeneraly

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1165 tamin'ny 16 septambra 2020 ary manendry ny an'**Andriamatoa**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-172 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMBELOMANANA Lalasoa Tatiana**, ho "Directeur Administratif et Financier"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-854 tamin'ny 05 jolay 2023 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIANARIMBOLA Jocelyn**, ho "Directeur des Ressources Humaines"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-426 tamin'ny 20 martsa 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RANDRIANARIVELO Sedera Andrandraina,** ho Talen'ny Serasera.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-878 tamin'ny 08 jona 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RANAIVO Muriella Aina**, ho "Coordinateur Général"
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa MARC Sergio Clerc**, ho "Directeur des Programmes, Suivi et Evaluation"

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-182 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRASOAVA ANDRIANIRINA Mamimbahoaka Fetraniaina**, ho Sekretera Jeneraly

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-268 tamin'ny 30 martsa 2023 ary manendry an'**Andriamatoa RASAMOELINA Andry Fidiniaina Moïse,** ho Sekretera Jeneraly

## IV. FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1589 tamin'ny 30 novambra 2022 nanendry ny "Directeur Général de l'Aménagement du Territoire et de l'Equipement"
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-571 tamin'ny 17 may 2023 nanendry ny « Chef de la Cellule Stratégique du Foncier et de l'Aménagement du Territoire auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-209 tamin'ny 10 febroary 2022 nanendry ny « Directeur du Développement Relationnel et de Partenariat auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-721 tamin'ny 18 may 2022 nanendry ny "Directeur de l'Audit Interne auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers."
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-771 tamin'ny 25 may 2022 nanendry ny "Directeur des Affaires Juridiques auprès du Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers."
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1257 tamin'ny 31 aogositra 2022 nanendry ny "Directeur du

Manana anjara toerana lehibe ny hevitr'i Madagasikara eo amin'ny fihaonambe iraisam-pirenena tahaka izao, indrindra raha mikasika ny faritry ny ranomasimbe indianina no resaka. Fampiroboroboana ny fiaraha-miasa sy ny fifandraisana ara-diplomatika sy ara-ekonomika ho an'i Madagasikara ihany ny tanjona.

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisan'i Madagasikara anjara amin'ny fivoriana ampitain-davitra tsy ara-potoanan'ireo Filoham-panjakana mivondrona eo anivon'ny SADC ny faha-02 ny volana Febroary izao.**
Misy valan'aretina kolera mahery vaika sedrain'ny firenena afrikanina sasany mpikambana ao amin'ny vondrona ka izany no anisan'ny ho dinihina mandritra ity fivoriana tsy ara-potoana ity, ary haneho ny firaisan-kina amin'izy ireo amin'ny anaran'ny Vahoaka Malagasy, ny Filohan'ny Repoblika.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**
**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisana an-tanana ny fampitaovana "groupe electrogene" sy fanaovana "forage" eo anivon'ny Centre de Conférence International Ivato (CCI Ivato), ary ny fametrahana andrin-jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro eo amin'ny toeram-piantsonan'ny fiara.**
Izao fampitaovana izao dia hanampy ny fahaleovantenan'ny CCI Ivato eo amin'ny lafiny angovo sy rano. Anisan'ny toerana mandray hetsika goavana eto amin'ny Firenena ny eny amin'ny CCI Ivato ka tanjona ny fanatsarana hatrany ny foto-drafitrasa.

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny Fanjakana Malagasy an-tanana ny fandoavana ny hetra sy ny haban-tseranana amin'ny fanafarana ireo fitaovana ilaina amin'ny zotra volomboasary mampitohy an'i Soarano sy Ivandry, ao anatin'ny tetikasa Fitaterana an-tariby na *Transport Par Câble*.**
Ampahatsiahivina fa anisan'ny tetikasa goavana hitondra fanovana manaraka ny toetr'andro eto an-drenivohitra ny tetikasa fitaterana an-tariby, ary efa miroso amin'ny dingana farany mialohan'ny hisokafan'ny fitateram-bahoaka ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-Ponenana, izay tompon'andraikitra amin'izany.

**MINISITERAN'NY RANO, FANADIOVANA SY FIDIOVANA**
**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny Fanjakana Malagasy an-tanana ny fandoavana ny hetra sy ny haban-tseranana amin'ny fahatongavana entana fitsirihana ny fahadiovan'ny rano izay natolotry ny UNICEF ho an'ny Ministera.**
Mitentina 20.423,42 dolara amerikana, na 100.564.920,08 Ariary izany fanomezana izany ary eny amin'ireo faritra rehetra manerana ny Nosy no hanaparitahana ny fitaovana.

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fametrahana trano fidiovana na "*blocs sanitaires*" miisa 51 manerana ny Nosy.**
Izany tetikasa izany dia tafiditra tanteraka amin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ary mamaly ny andry voalohany izay napetraky ny Filohan'ny Repoblika ho laharam-pahamehana amin'izao fe-potoam-piasana voalohany izao dia ny fanomezan-kasina ny maha-olona. 17 no isan'ireo blocs sanitaires izay hapetraka eto Antananarivo Renivohitra ary ny 32 isa ambiny kosa dia hapetraka manerana ireo faritra hafa. Marihina fa efa voafaritra ao anatin'ny tetibolam-panjakana ho an'ny Ministera izany fa ny famindran-toerana no nilana fankatoavana. Ao anatin'ny tanjona apetraka ao anatin'ny tetikasa ihany koa ny

voakasik'izany hanatrika Filan-kevitry ny Fitsipi-pifehezana na *Conseil de Discipline*. Ahato mandritra izay fe-potoana izay ny fampidirana mpiasam-panjakana vaovao.

Hirosoana ihany koa ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny sokajina mpiasam-panjakana antsoina hoe « Agents non encadrés de l'Etat » ka hisy araka izany ny fifampidinihina miaraka amin'ireo rafitra voakasik'izany, toy ny sendikan'ny mpiasa na koa ny mpiaro ny zo maha-olana.
Sehatra maro no hanolorana fampiofanana manokana na *formation professionnelle continue* mba hanentanana ny fametrahana ny *plan de reconversion* ho an'ireo mpiasam-panjakana. Ny tanjona dia ny hampifanaraka ny asam-panjakana amin'ny filan'ny fitondram-panjakana amin'ny fanatanterahana ny drafi-pampandrosoana eto amin'ny tany sy ny firenena.

### 3. <u>Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina</u>

Napetraka ny fanamby mba hanakaiky hatrany ny vahoaka ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Izany indrindra no nandrafetan'ny Minisitera ny sori-dalana izay iasany eo amin'ny lafiny serasera mba ho fampahafantarana ny vahoaka ny asa izay tanterahina eny anivon'ny minisitera isan-tsokajiny. Noho izany, ny dingana voalohany dia ny fanomezana sehatra ireo ministera samihafa eo amin'ny haino aman-jerim-panjakana. Hentanina araka izany ireo minisitera mba handrafitra serasera manaraka ny toetr'andro ary indrindra indrindra hampiasa ny haino vaky jery rehetra amin'ny fampahafantarana ny asa izay ataony. Tsy adinoina amin'izany ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra. Hanolo-tanana amin'ny fanatanterahana izany ny Minisitera.

Eo amin'ny sehatry ny kolontsaina, hita fa niroborobo tokoa ny fametrahana foto-drafitrasa manome lanja ny kolontsaina nandritran'ny fe-potoam-piasana voalohany ka ho tohizana hatrany izany. Hiroso hatrany amin'ny fanetsiketsehana na "*redynamisation*" an'ny kolontsaina Malagasy ny Minisitera. Hisy araka izany ny fampiofanana manokana ny tanora mikasika ny sary hosodoko, ny mozika, ny fiangaliana teatra, sy ny fampiroboroboana ny talenta ananan'ny Malagasy eny anivon'ireny Tranoben'ny Serasera manerana ny Nosy ireny. Omena fitaovana araka izany izy ireny mba tsy ho sakana amin'ny fandalinana talenta ny tsy fananana fitaovana. Tsy adinoina ihany koa ny fampiofanana manaraka ny toetr'andro tahaka ny asa rehetra izay atao amin'ny sehatry ny "*multimedia*".

Ny fanomezan-danja sy fiarovana ireo harem-bakoka Malagasy dia tsy azo atao ambanin-javatra. Hisy araka izany ny fampiofanana amin'ny asa fikolona ireny harem-bakoka ireny. Ny fanarenana sy fikojakojana ireo foto-drafitrasa izay voasokajy ho harem-bakoky ny Firenena dia hamafisina hatrany. Singanina manokana amin'izany ny Rovan'i Madagasikara, ny Mandan'i Foulpointe, ny Rovan'Ambositra Tompon'anarana ary ny lava-baton'i Belobaka.

## <u>MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY</u>

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisan'ny delegasiona Malagasy izay ho tarihin-dRamatoa Minisitry ny Raharaham-bahiny anjara amin'ny andiany faha-7 ny Fihaonamben'ny Ranomasimbe Indianina izay ho tanterahina ny faha-09 sy faha-10 ny volana Febroary 2024, any Perth, Australie.**